# MANDRESY IZAO TONTOLO IZAO
## dia mahita fitsaharana

**Nataon'ny Filoha Russell M. Nelson**
Filohan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

Satria nandresy ity tontolo lavo ity i

**JESOA KRISTY,**

ary satria nanao asa fanonerana ho antsika tsirairay avy Izy dia afaka mandresy ity tontolo izay feno fahotana sy tia tena ary matetika mandreraka ity koa ianareo.



Afaka mijoro eo ambonin'ity tontolo feno loza ankehitriny ity ianao sy mahita *fitsaharana* marina rehefa mibebaka marina sy mitady ny fanampiany.

### AHOANA NO HANDRESENTSIKA IZAO TONTOLO IZAO?



Mikatsaka sy manaraka ny bitsiky ny Fanahy.



Amin'ny alalan'ny fibebahana isan'andro sy ny fitandremana ireo fanekempihavanana izay manome hery antsika.



Mijanòna eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana.

### INONA NO DIKAN'NY HOE MANDRESY IZAO TONTOLO IZAO?

Izany dia midika fa:



- Mandresy ilay fakam-panahy hifantoka bebe kokoa amin'ny zavatr'izao tontolo izao fa tsy ny an' Andriamanitra.



- Matoky ny fotopampianaran'i Kristy mihoatra noho ny filôzôfian'olombelona.




- Faly amin'ny fahamarinana, miampanga ny fitaka, ary lasa "mpanara-dia an'i Kristy sady manetry tena."



- Misafidy ny tsy hanao izay rehetra mandroaka ny Fanahy sy vonona ny "hahafoy" na dia ny ota tiantsika indrindra aza.



- Mitombo ao anatin'ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny Zanany Malala mihoatra noho ny fitiavanao olona na zavatra hafa.



**NY MPAMONJY DIA *MANKAHERY* ANTSIKA** ao anatin'ity tontolo lavo ity amin'ny alalan'ny fanomezana antsika bebe kokoa fiantrana, fanetrentena, fahalalahan-tanana, hatsaram-panahy, fifehezan-tena, fiadanana, ary *fitsaharana*.

**SATRIA NANDRESY AN'ITY TONTOLO ITY I JESOA KRISTY DIA AFAKA MANAO IZANY IHANY KOA IANAREO.**

*Nalaina avy tamin'ny lahateny natao tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ôktôbra 2022.*

SARY NATAON'I BRYAN BEACH